Ny mpampiasa vola vahiny dia omem-pahefana ny amin'ny famindrana malalaka any ivelany tsy ombam-panomezanan-dalàna mialoha ny fandoavam-bola rehetra momba ny raharaha andavanandro ankoatra ny tombom-barotra aorian'ny hetra, ny anjara zana-bola, ny hetra alaina amin'ny karama, ny tambiny sy ireo tahirin'ny vola karama aondrana any ivelany.

Ny fifanarahana ara-bola sy ny raharaha momba ny vola toy ny fanomezana petra-bola, ny anjara noetin'ny tsirairay, ny renivola noetina miasa na nampiasaina, ny anjara tombony eo amin'ny fanilihana, ny vola tambiny ho an'ny fandroahana dia malalaka nefa tokony hanaovana filazana ihany eo anatrehan'ny Minisitery miandraikitra ny Fitantanam-bola.

Io famindrana io dia tsy azo atao afa-tsy amin'ny alalan'ny fanelanelanana nankatoavina.

#### **And. 6 - Fahamarinan-toerana**

Ny Fanjakana no miandraikitra ny fametrahana sy ny fitazonana ny tontolo manodidina izay ilaina amin'ny fampiasam-bola, ampandalovina amin'ny fitazonana ny hetra amin'ny fomba tsotra, tsy mitanila sy mitsimbina amin'ny tombony ho an'ny mpampiasa vola eo amin'ny sehatra ho fanntaterahana ny vinavinan'asa fampiasam-bola voamarina ato anatin'ny lalàna ity.

Ny mpampiasa vola mahazo ireo tombotsoa voalaza ato anatin'ny lalàna ity dia hahazo tombony amin'ireo fepetra vaovaovao noraisina momba ny lalàna n any fitsipika manatombo kokoa izay ho ekena aorian'ny famoahana izao lalàna izao.

Ny mpampiasa vola mahazo ireo tombotsoa voalaza ato anatin'ity lalàna ity dia hitohy hahazo tombony, na dia eo aza ireo fepetra vaovao vao noraisina momba ny lalàna na ny fitsipika izay mikendry mba hanafoana ireo tombotsoa ireo izay hanan-kery aorian'ny famoahana an'ity lalàna ity.

#### **And. 7 - Fiarovana amin'ny VIH/SIDA**

Ho fanajana ireo fombafomba napetraky ny lalàna laharana faha-2005-040 tamin'ny 20 febroary 2006 ho an'ny ady atao amin'ny VIH/SIDA sy ny fiarovana ny zon'ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA, ny Orinasa rehetra dia hametraka amin'ny toerany ny fandaharanasa fanentanana / fampianarana ny mpiasany, ary koa hamoraina ny fanaovan'ireto farany ireto ny fitiliana an-tsitrapo ny aretina.

### **TOKO II**

#### **Filan-kevitra ny fampandrosoana**

#### **Ny toek'arenan'I Madagasikara**

#### **Andininy-8 : Ny ankapobeny**

mba hampndehanana tanterak an'ity lalàna ity, sy mba hiantohana ny fananganana sy ny fitazonana ny fahombiazanan'ny tontolon'ny fampiasam-bola eto Mdagasikra dia misy rafitra Iantsoana hoe: Filankevitra ny Fampandrosoana ny Toekaren'I Madagasikara (EDBM) napetraka.

Ny EDBM dia miandraikitra ny fampiroboroboana, ny fanamorana sy ny fanafaiganana ny fankatoavana ireo tetik'asa momba ny fampiasam-bola.

Izy dia mandray manao ny asa sy manome ireo karazan-taratasim-panjakana ilaina amin' ireo fampiasam-bola.

Amin'izany, izy dia miandraikitra ny fanatrehana ireo mpampiasa vola momba ny fandehan'ny raharaha, ny fanisana sy manao ny fanadihadiana momba ny fombafomba ara-panjakana izay hitantanana ny orinasa sy manoro hevitra amin'ireo fanaovana mikasika ny fanafoanana, ny fanamorana sy/ na famotopotorana an'ireo fombafomba arahina.

Ny EDBM dia mety ametrhana fitokisana amin'ireo karazana iraka sy asa voatondro amin'ny fampiharana ny fampiasam-bola.

Ny EDBM dia Orinasam-panjakana manana endrika taozava-baventy sy ara-barotra (EPIC), manaiky ireo fitsipika ao amin'ny Drafitry ny Fitanan-kaonty Ankapobe (PCG) manna-kery. Eo anovon'ny EDBM dia misolontena araky ny fandehan'ny "toerana manokna" isantsokajin'ny Minisitery sy Vondrombahoakam-panjakana izay antsoina mba hankato ny fanamarinan-tsonia nomena alàlana, nahazo alalana sy fanomezan-dàlana voalaza ao amin'ny andininy faha-9.

Ireo fanamarinan-tdonia, nomena alàlana sy nahazoan-dàlana dia mijanona nekena sy vita soian'ireo Minisitry voakasika na ireo nomena fahefana mahefa na amin'ireo manam-pahefana ara-panjakana mahefa.

### **And. 9 – Momba ny anjara andraikitra**

1- Fanamorana sy fanafainganana ny fombafomba ara-panjakana ilaina amin'ny fanatanterahana ny fampiasam-bola sy amin'ny fananganana orinasa

Ny EDBM, afa-tsy ireo saram-draharaha hafa ao amin'ny Fanjakana sy ireo vondrombahoakam-panjakana dia mandry ny fangatahana mikasika ny tetik'asa momba ny fampiasam-bola, sy mitandro mba ho ireo solontenan'ireo karazam-pitondram-panjakana izay nakambana no manaraka ny toromarika sy mahafantatra ny niafaran'ny zavatra ilaina ao anatin'ny fepetra mahomby momba ny fe-potoana sy ny mangarahara.

Tsy maintsy raisina sy dinihina indrindra eo anivon'ny EDBM ny fangatahana mikasika :

- ny fanomezana fanamarinan-tsonia sy fipetrahana hitoetra azo halavaina sy azo ovana ho fanamarinan-tsonia momba ny asa, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-15 amin'ity lalàna ity.
- Ny fanomezana ny fanamarinan-tsonia ho amin'ny asa aman-draharaha, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-15 amin'ity lalàna ity;
- Ny fanomezana Fanamarinana ny Orinasa ny satan'ny orinasa afa-kaba araka ireo fepetra voalazan'ny lalàna mikasika ny faritra afa-kaba eto Madagasikara;
- Ny fanomezana "Fahazahoan-dàlana Hahazo Tany" araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-19 amin'ity lalàna ity;
- Ny fanoratana amin'ny rejisitry ny fanjakana ny fanoratana anarana ovana sy ny fanafoanana ny sosaiety ao amin'ny Rejisitry ny Varotra sy ny Sosaiety;
- Ny anjara andraikitra hamantarana azy momba ny hetra sy ny statistika;
- Ny fanomezana ny fahazoan-dàlana ny nahazoana alàlana, ny fanomezana nekena avy amin'ny fitsipika mandritra ny taom-piasana nanaovana ny asa momba ny fizahantany;
- Ny fanomezana alalana hanorina trano sy fanomezan-dàlana hanorina orinasa, raha ohatra ka ireo fahazahoan-dàlana ireo ka nekena avy amin'ny fitsipika manokana;

Ny EDBM dia mahazo ny fanambarana ny fitsaharan'asa avy amin'ny orinasa. Izy dia mandray fanapahan-kevitra ihany koa amin'ny fisintonana ny fahazoan-dàlana, ny

fanamarinan-tsonia n any fahazoana alàlana sy manao ireo fombafomba fampahafantarana an'ireo orinasa sy ireo mpampiasa vola voakasik'izany sy ireo fara-hevitra momba ny zo.

Afa-tsy ireo fepetran'ity paragrafy ity, ny famoronana sosaiety sicily na ara-barotra, raha ohatra ka tsy misy ilaina ny fombafomba ankoatra ny fanononasy fanomezana ny fanavahana azy ara-ketra sy statistika, raha azo atao dia tanterahana eo anivon'ny sampan-draharaha miadidy ny faritra mahefa amin'ny foiben-toerana sosialy.

2. Fanatsarana ny tontolon'ny lalàna sy ny hetran'ny fampiasam-bola

Ankoatr'izany, ny EDBM dia afaka manaparitaka ny heviny mialloha eo amin'ny vinavina momba ny lalàna na fitsipika ara-dàlana izay azo itarina ny fanaovana ny toetran'ny fampiasam-bola eto Madagasikara, sy ao anatin'ny fepetran'ny natioran'ny hetra sy/na haban-tseranana ary ny fepetran'ity lalàna ity n any rijan-teny fampiharina azy. Ny EDBM dia afaka mandray andraikitra ihany koa amin'ny fanolorana soso-kevitra ho an'ny manam-pahefana mahefa amin'ireo fepetra vaovao mikasika ny lalàna sy ny fitsipika.

Ny EDBM dia handray anjara ihany koa amin'ny fifampiraharana amin'ny fifanekena vaovao mikasika ny giarovana ny fampiasam-bola, ny fifanekena momba ny fifanakalozana malalaka ary koa ny fafanarahana natokana hisorohana ny fandoavanna hetra indroa, mifandray akaiky amin'ny Minisitara voakasika.

3. Ny famahana ny fifanolanana

Ny EDBM dia afaka manelanelana noho izy mpanelanelana ao amin'ny fitsipik'ireo fifandirana mampifanitra ny orinasa na mapifanohitra ny orinasa amin'ny fitondram-panjakana, araka ny fombafombam-pamelanelanana napetrany

And. 10. – Fe-potoana.

Afa-tsy raha misy fe-potoana manokana voamarika amin'ity lalàna ity sy tsy misy fiantraikany amin'ny fe-potoana tena fohy voalaza raha misy izany, amin'ny aàlan'ny rijan-teny manokana, ny EDBM dia mikarakara ny fanomezan-dàlana, fanamarinan-tsonia, taratasy fahazahoana alàlana sy ny fanamarinana izay ananany fahefana nomena ao antin'ny fe-potoana roapolo (20) andro manaraka ny fanondroanandro manomboka ny fandraisan'ny taratasim-pangatahana feno, n any valiny fandavana izay nampahafantarina tamin'io fe-potoana io. Raha tsy misy izany, ny fahazoan-dàlana, ny fanamarinin-tsonia, ny fanomezan-dàlana n any taratasy fanamarinana dia ekena, na dia eo, azan y sazy mety hiantraika avy amin'ny tompon'andraikitra ny fanomezana.

Noho izany ireo izay mangataka voalohany dia afaka mihazona ny EDBM mba hanomezany ny antontan-taratasy manmarina ny fametrahana ny fangatahana voalohany sy nyh tsy fisian'ny valinteny mandritry ny roapolo (20) andro. Ny EDBM dia tsy maintsy manome io taratsy firaketana io, ao anatin'ny fe-potoana folo (10) andro manaraka ny fangatahana izay nataony momba izany, izay azo toherina any amin'ny fitondram-panjakana rehetra ary koa ny olon-kafa ary ho titra nomen'ny fitondran-draharaha mahefa, na rahoviana na rahoviana anomezany ny fahazoan-dàlana, ny fanamarinan-tsonia, ny fanomezan-dàlana n any taratasy fanamarinana nangatahina.

And. 11.- Fanamafisanba ny mangrahara ny orinasa

Ny EDBM dia manohana ny fangaraharanan'ny orinasa izay nalamina avy amin'ny Registry ny varotra sy ny sosaiety ho fampiharana ny andininy faha-5.1 hatramin'ny faha-6.3 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny varotra.

Noho izany ny EDBM dia miandraikitra ny fandraisana anjara ny petra-bola fampiasa amin'ny fahasahiranana eo amin'ny fanambarana voasoratra ny Orinasa voamarika na haely ny zony azony amin'ny olona hafa eo amin'ny fanan'ny orinasa, toy ny fanekena misy antoka, tombotsoa fifanekena fampitrosana fampanofanana sy teny famaeafarana momba ny tahiry amin'ny tompony, sy voaray amin'ny rejisitra eto an(toerana mitondra ny tamberim(bidy alefa amin'ny fahazoana mpampiasa olona hafa izay tokony sy fihenana tena ilaina. Ny EDBM dia mandray ny tamberim-bidy avy amin'ny filan-kevitra ho an'olon-tokana

ny fototra hiaingana ny rejisi-pirenena ny varotra sy ireo society arykoa ny raharaham-barotra ikambanana na ao anatin'ny zana-pikambanan'ny antontanisam-pirenena.

Ny EDBM dia manao fihaonambe miaraka amin'ny sampan-draharaha mahefan'ny Minisiteran'ny Fitsarana, ny tompon'andraikitra mpanapa-kevitra amin'ny fanokananaireo loharanom-bola ireo amin'ny fitàna sy mlin'ny fivoaran'ny rafitra momba ny fampahalalam-baovao, ary koa ny fanoloana ny fotaovna sy ny kojakoja fampiasa amin'ny rijan'teny informatika.

Ny EDBM dia afaka, ho an'ny filàny manokana sy ny an'ireo mpapiasa vola, mijery mivantana ny tahirin'antontan'isa ao amin'ny Rejisitra momba ny varotra sy ny sosaiety eto amin'ny Firenena. Ny mpiraki-draharaha nampiandraiketina asa ao amin'ny EDBM dia afaka manome ny taratsy fanamarinana, kopia na tsoastoratra nosoratana tao amin'ny rejisitra, araka ny fitsipika manna-kery, ary izany, na taiza ny fanoratana am-boky ny fanjarianasa voakasika. Ny EDBM dia mety hanao tolo-kevitra rehetra mikasika ireo fanatsarana ho entina amin'io fombafomba io, sy ireo fanovana ho atao amin'ny tetibidin'ireo vola tsy maintsy haloa amin'ny rejisitry ny varotra sy ireo sosaiety.

Ny didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filan-kevitra ny Governemanta no hanondro mazava ireo fombafomba fampiharana ity andininy ity

### **TOKO III**

#### **Fanoratana amin'ny rejisitry ny fanjakana sy taratasin'ireo sosaiety**

##### **And. 12. – Fanaoratana amin'ny rejisitra ny sosaiety**

Ireo sosaiety dia soratana amin'ny Rejisitry ny Varotra sy ny Sosaiety tsy liana, na monina eto Madagasikara na zanatany Malagasy ny nomen'ny fikambanana fahefana. Na izany aza, ao anatin'ny fe-potoana telo volana manomboka amin'ny fanoratana amin'ny rejisitry ny fanjakana ny sosaiety iray fara-fahakeliny amin'ireo masoivoho sosialy dia tsy maintsy monina eto Madagasikara, na zanatany Malagasy na vahiny manana ny sonia fanamarinana ny maha sarimonina na tapakila fangatahana ny sonia fanamarinana sarimonina. Raha tsy izany, dia voatohintohina ireo tombotsoa izay azon'ny sosaiety indrindra indrindra mikasika ny satan'ny orinasa afa-kaba na fahazoana ny fananana tany. Ny fandravana azy dia mety angatahan'ireo manana anjara, araka ny lalàna iombonanana mifehy ny tsy ara-dalàna amin'ny fanorenana ny sosaiety ara-barotra.

##### **And.13. - Fanoratana amin'ny rejisitry ny taratasy'ireo sosaiety**

Afa-tsy ireo asa ahitana fototra ny fiofanana ny fanalavana, ny fiovana na ny fandravana ny sosaiety, ny fampitomboana, ny fandoavana ny renivola tsikelikely na ny fampihenana ny renivola, ny taratasin'ireo sosaiety dia tsy voatery anaovana fombafomba amin'ny fanoratana amin'ny rejisitry. Ireo taratasy fanoratana dia azon'ny sampan-draharaham-panjakana ary indrindra indrindra ny Rejisitry ny Varotra sy ny Sosaiety raisina amin'izao.

Ny filazana ny taratasy novokarina, ary indrindra indrindra ny daty izay entiny, dia manankery, arakarak'ireo trangan-javatra misy, mandra-pisian'ny porofo mifanohitra amin'izany na mandra-pisian'ny hosoka. Tsy misy famoahana amin'ny gazety an-tsoratra takiana alohan'ny fanoratana amin'ny rejisitry ny fanjakana ny sosaiety

##### **And. 14. - Fanafoanana ny tsy maintsy hanamarinana ny sonia :**

Ireo fifanarahana, taratasy fanoratana, fitanana an-tsoratra na antontan-taratasy mitaky ny fanatanterahana ny fombafomba ara-panjakana ny fanoratana amin'ny rejisitra, ny fandikan-tsoratra, ny famoahana ampahibemaso, ny fametrahana na hafa dia tsy anaovana fombafomba fanamarinan-tsonian'ireo mpandray anjara.

Ny fahamarinan'ireo sonia izay misy dia manna-kery mandra pisian'ny porofo mifanohitra amin'izany.

Ity fepetra ity andininy ity dia tsy mihantraamin'ny fifanarahana izay mahita fototra ny fifindrana amin'ny alalan'ny famarotana fanana-mifaka na fanaovana ny fanofana maharitra momba ny tany.

#### **TOKO IV**

#### **Sonia sy fahazoan-dàlana amin'ny asa**

**And.15. - Fanalavana sy fanovàna ny fahazoan-dàlana mpampiasa vola hiditra sy hitoetra .**

Ny fanalavana ireo fahazoan-dàlana hiditra sy hitoetra omen'ny sampan-draharahan'ny Ministera miandraikitra ny Atitany eo amin'ny sisin-tany, ary koa ny fanovàna an'ireo fahazoan-dàlana ireo ho fahazoan-dàlana ho matianina dia atao eo anivon'ny Filan-kevitra ny EDBM.

**And. 16. -Fahazoan-dalana sarimonina isaky ny sokajin'asa aman-draharaha.**

Naorina ny fahazoan-dàlan'ny mpifindra monina atsoina hoe « fahazoan-dàlana amin'asa aman-draharaha » omena an'ireo mpamatsy vola vahiny na voafatotra amin'ny orinasa Malagasy amin'ny alàlan'ny fifanarahana arak'asa na manatontosa eo anivon'ny orinasa ny asa sosialy tahaka ny mpitantana. Tale jeneraly, Tale jeneraly lefitra, mpihevi-draharaha ankapobeny, filohan'ny filankevi-pitondrana na filoha sady tale jeneraly. Io fahazoan-dalana io dia omena eo anivon'ny EDBM ho an'ny Minisitera ny Atitany.

Ny sonia fanamarinana maha-mpiasa dia manome avy hatrany ny mpitazona azy hitoetra sy hiasa ara-dalàna manerana ny faritany Malagasy tsy ilana fahazoan-dàlana hiasa izay soloin'io fanomezan-dàlana io.

Ny sonia fanamarinana ny maha-mpiasa dia manna-kery mandritry ny telo (3) taona manomboka amin'ny vaninandron'ny tapakilan'ny fangatahana.

Io sonia fanamarinana io, rehefa nekena indray mandeha, dia heverina ho fahazoan-dàlana ipetraka eo an-toerana. Ankoatr'izany ny karatra maha-ponina dia omena araka ny lalàna manan-kery.

Ny fangatahana fanavaozana ny sonia fanamarinana dia tsy maintsy atao ao anatin'ny iray (1) volana alohan'ny daty fahataperany.

Ny vady sy ireo zanaka iandraieketan'ny tompon'ny fahazoan-dàlana dia mahazo avy hatrany ireo zo mitovy aminy tompon'ny fahazahoan-dàlana.

**And. 17. - Fahalalahana fandraisana sy fanalana ireo mpiasa voaroaka amin'ny tanindrazana**

Ny Orinasa rehetra dia malalaka amin'ny fakana sy fandroahana ireo mpiasa manam-pahaizana manokana hiala amin'ny tanindrazana izay ilainy fampandehanana tsara ny orinasa.

Ny fifanarahana ara-asa amin'ireo mpiasa mpiasa voaroaka hiala amin'ny tanindrazana dia mety hiova amin'ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalana mifehy ny asa sy ny lalana sosialy momba ny :

- ny fikambanany amin'ny antokon-draharahan'ny fiarovana ara-tsisialy nankatoavina teto Madagasikara ;
- ny fikambanany amin'ny SMIE ;
- Ny faharetany sy ny antonyfangatahana ho fifanarahana amin'ny fotoana voafetra ;
- ireo fitsipika ampiarina amin'ny fakana olona ho mpiasa.

Ireo fombafomba fampihatra amin'ireo sehatra ny fanovana voalaza eo ambony dia ho raiketina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ireo fanovana dia tsy tokony hisy fiantraikany amin'ny lalana fototra momba ny mpiasa araka ny naneken'ireo Fifanekena sy Fifanarahana Iraisam-pirenena izay nandraisan'i Madagasikara anjara.

Ireo mpikarama voaroaka hiala, manam-pahaizana manokana dia mahazo ny tombontsoan'ny fahazoan-dalana ho mpiasa mitoetra eto an-toerana.

## **TOKO V**

### **Fahazoana ny tany fiandraiketana**

#### **And. 18. – Fahazahoan'ny mpamatsy vola vahiny ny fananana**

a- Ireo sosaiety fehezin'ny lalana Malagasy izay apetraka eo ambany fanarahamason'ny vahiny na rats-mangaika miankina amin'ny vahiny araka ny andininy faha-22 novan'ny Hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ireo fepetra ankapobe momba ny lalana anatin'ny sy ny lalana iraisam-pirenena momba ny isambatan'olona, dia mahazo alalana hahazo ny tany raha mahafeno ny fepetra roa miaraka manaraka ireto :

- ny sosaiety dia tsy maintsy mahazo eo anivon'ny EDBM, alohan'ny fanatontosana farany ireo taratasy famindrana ny fananan-tany, ny fahazoan-dalana lazaina « Fahazoan-dalana hahazo tany » izay omena ao anatin'ny fepetra voalaza amin'ny andininy faha-19 manaraka ato aoriana ;
- ny fanana tany dia tsy maintsy alefa manokana ary mandritra ny fotoana maharitra amin'ny fanatanterahana asa ara-barotra, indrindra ara- indostria, arapizahan-tany na asa na asam-pambolena mba amidy amin'izao na aorian'ny fanatanterahana ny fanajariana na ny fanamboarana.

b- Ireo olona ara-batana na ara-tsaina vahiny dia tsy afaka mahazo mivantana ny tany. Na dia izany aza, afaka manao malalaka, ary tsy misy fahazoan-dalana mialoha ny fifanarahana maharitra momba ny fanofanana izay maharitra sivy amby sivy fola taona azo havaozina izy ireo.

#### **And.19. -Fahazahoan-dalana hahazo tany**

1. Ny fahazoan-dàlana hahazo tany dia omena eo anivon'ny EDBM izay Miasa ho an'ny Minisitery miandraikitra ny Fananan-tany, araka ny fangatahan'ny mpamatsy vola, izay mba hanatontosana an'izany, mametraka ny antontan-taratasy eo amin'ny EDBM izay misy ireto taratasy manaraka ireto:

- fangatahana an-tsoratra atolotra amin'ny taratasy fenoina vita pirinty omen'ny EDBM;
- fanolorana ny asa voavinavina sy ireo antony fanamarinana ny fahazahoana ny tany natokana amin'ny fanatontosana ny asany ;
- taratasy fanamarinana ny toetran'ilay tany araka ny lalàna ka ny fahazahoana azy dia novinavinaina raha efa voasoratra amin'ny rejisitry ny fanjakana na vita kadasitra ;
- sy ireo antontan- taratasy ilain'ny fanjakanamiandraikitra ny fananan-tany, arakaraka ny zava-misy , amin'ny fanohanana ny fangatahana hahazo tany.

Ny EDBM manome ny mpanao fangatahana ny tapakila nametrahany antontan-taratasy.

2. Io fanomezan-dàlana voalaza io dia tsy midika mihintsy fa fanamarinana ny fananana io tany io fa antontan-taratasy ahafahan'ireo mpandray anjara fotsiny hahavita ireo fombafomba ara-dalàna voalaza amin'ny fanomezana ny tany

3. Ny fananana tany azo araka ny fahazoan-dalana hahazo tany dia azo hamidy malalaka na hafindra, afa-tsy ny fivarotana na famindranaamin'ny olona vahiny.

Ny fananana dia azo omena ara-dalàna ireo sosaiety fehezin'ny lalàna malagasy izay arahin'ny vahiny na rantsamangaika miankina amin'ny vahiny, raha misy ny fahazoana ny fanomezan-dalana hahazo tany omena araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-17eo ambony sy ity andininy ity.

#### **And.20. - Fanatsoahana ny fanomezan-dalana hahazo tany**

Ny fanomezan-dàlana hahazo tany dia mety ho sintonina amin'ireto tranga manaraka ireto :

- tsy fanajàna ny fepetra voatondro amin'ny fahazahoana ny fanomezan-dàlana ny tany, ary indrindra ny fanovàna , tsy misy fanomezan-dalana mialoha, ny fomba fampiasana ny tany amin'ny tanjona hafa ivelan'ireo vinavina famatsiam-bola ;
- tsy fisian'ny fanatanterahana ny vinavina famatsiana, ao anatin'ny enim-bolana manomboka amin'ny fanomezana ny taratasy fananana. Araka ny hevitr'ity paragrafy ity, ny fanatanterahana ireo asa fanamboarana, na fanajariana voalaza n any fanatanterahana ireo fombafomba ara-panjakana, ara-bola na ara-barotra ilaina amin'ny fampandehanana ny asa.

Mialoha ny fanatsoahana ny fahazoan-dàlana hahazo tany, ny mpamatsy vola dia tsy maints yatao ho afaka hampiseho ireo fanamarihana samihafa .Mety homena fepetra fanitsiana izay tsy mihoatra ny telo (3) volana izy rehefa hita ireo fanamarihana samihafa azo.

Ny fanatsoahana ny fanomezan-dàlana hahazo tany dia mitondra avy hatrany amin'ny fanafoanana ny zo fananan-tany sy famindrana ny tany sy ireo fanajariana izay azony amin'ny tanim-panjakana tsy misy onitra. Ny fanorenana, ny fotoavana momba ny indostria, milina dia mijanona ihany anefa ho fananan'ny mpampiasa vola hamokarana izay tsy maintsy maka izany, afa-tsy raha nisy fifanarahana mifanohitra amin'izany.

Ny fanatsoahana ny fanomezan-dàlana hahazo tany dia hita fototra amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ombam-panazavana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fanana-tany, araka ny fangatahanan'ny EDBM na olona hafa afa-manamarina ny tombontsoany ho amin'izany. Ny didim-pitondrana dia tsy maintsy manamarika ny zavatra manamarina ny tsy fanajan'ny mpampiasa vola hamokarana ny fepetra fahazahoana sy fahazoan-dàlana n any adidy aman' andraikitra tsy maintsy zakainy.

Toy izany ihany koa ny fananan'olon-kafa, ary indrindra amin'ny fanangonana fampitrosana- fampanofana.

## **TOKO VI**

### **Fandaminana ny fifanolanana**

#### **Andininy – 21 : Fandaminana ny fifanolanana**

Ny fifandirana eo anivon'ny mpamatsy vola sy ny Fanjakana momba ny fandikana na fampiharana ity lalàna ity dia ho entina eo amin'ny Fitsarana mahefa malagasy, afa -tsy raha toa tsy mfifanaraka ireo mpandray anajara na mifanaraka fa hanaraka fomba fandaminana hafaireo fifanolanana.

Ireo fifanolanana eo anivon'ny mpamatsy vola vahiny sy ny Fanjakana momba ny fandikana na fampiharana ity lalàna ity dia alamina araka ny paika arahinaara-pitsarana na fanelanelanana avy amin' :

- ireo fifanarahana sy fanekena mikasika ny fiarovana ny famatsiam-bola notontosaina eo anivon'ny firenena izay misy ny mpamarsty vola vahiny voakasika, na raha tsy misy;
- Ny fifaanarahana iraisam-pirenena handaminana ireo fifanolanana mikasika ireo famatsiam-bola eo anivon'ny firenenan sy teratanin'ny firenenan hafa nankatoavin'ny Lalàna laharana faha-66-011 tamin'ny 05 jolay 1966.

Na izany aza, raha ohatra ka mpangataka izy teo amin'ny fomba fitsarana, mpamatsy vola vahiny dia afaka, eo amin'ny toerana sy fipetrahan'ny fomba fanombanana voalaza ery ambony, misafidy malalaka mba ho eo ambany fahefan'ny fitsarana mahefa malagasy , no itondrana ny fifanolanana mampifanohitra azy amin'ny Fanjakana.

## **TOKO VII**

### **Fepetra farany**

#### **And. 22. -Fepetra samihafa**

Foanana :

- ireo andininy faha-2 ka hatramin'ny faha-6 amin'ny Lalàna laharana faha-96-015 tamin'ny 13 aogositra 1996 manafonana ny Lalàna laharana faha-89-026 tamin'ny 29 desambra 1989 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny fampiasam-bola hamokarana sy mametra ny antoka ankapobe ny fampisamboram-bola hamokarana eto Madagasikara ireo ny rijan-teny fampiharana momba izany ;
- Ireo andininy faha-11, faha-11 bis ary faha- 11ter amin'ny Lalàna laharana faha-62-006 tamin'ny 06 jona 1962 nasiam-panovàna, mametra ny fandaminana sy ny fanaraha-mason'ny fifindra-monina ;
- Ireo andininy faha-10, faha-11 sy faha-16 amin'ny lalàna laharana faha-2004-052 tamin'ny 28 janoary 2005 momba ny fampiasam-bola fanofàna ary koa ireo fepetra mifanohitra amin'ity lalàna ity.

Haverina hanan-kery: ny andininy faha-18 sy faha-19 amin'ny Didim-panjakana laharana faha- 99-717 tamin'ny 08 septambra 1999 momba ny dokam-barotra mikasika ny fampisamboram-bola momba ny fanana-manaraka araka ny nampandrina azy an-tsoratra talohan'ny Lalàna laharana faha-2004-052 voatondro etsy ambony.

**And. 23.** - Hisy rijan-tenin-didy aman-pitsipika ny lalàna hamaritry ny fombafomba fampiharana ilaina amin'ny fampiharana ity Lalàna ity.

**And. 24.** – Izaio lalàna izao dia mihantra avy hatrny aorian'ny famoahana azy hanan-kery ataon'ny Filohan'ny Repoblika sy raha vao havoaka amin'ny fampielezam-peo na fahitalavitra na atao peta-drindrana na amin'ny fomba fampahafantarana, ankoatry ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara. Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery ao Antananarivo, 14 janoary 2008  
 Marc RAVALOMANANA.